Tsy misy mpanompo manafina kileman'ny mpanompo hafa eto an-tany, afa-tsy hafenin'I Allah ny momba azy amin'ny andro fitsanganan'ny maty

Tatitra avy tamin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Tsy misy mpanompo manafina kileman'ny mpanompo hafa eto an-tany, afa-tsy hafenin'I Allah ny momba azy amin'ny andro fitsanganan'ny maty."
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Manazava ny Mpaminany (S.A.W) fa tsy misy silamo manafina kileman'ny rahalahiny silamo amin'ny raharaha rehetra, afa-tsy hafenin'I Allah ny momba azy amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty. Ny valisoa dia mitovy amin'izay nataonao ihany, ary ny fanafenan'I Allah azy dia ny fanafenana ny fahadisoany sy ny fandikan-dalàny mba tsy ho hitan'ny olona ao mandritry ny fivoriam_be, na mety amin’ny endrika fanambelana tsy hitsarana azy amin'izany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3777